


# **ALAHADY FAHA 27 MANDAVANTAONA - A**



## **TANIMBOALOBOK'ANDRIAMANITRA ISIKA**

Ry Kristianina havana, tsy mitsahatra isika fa indrindra amin'izao volana oktobra volan'ny raozery izao hibanjina miaraka amin'i MASINA MARIA ireo misterin'ny famonjena antsika ka hahatonga antsika tokoa ho EOV MISIONERA VITA BATEMY KA IRAHINA HO TABERNAKLA VELONA, HO MPANORINA ETA vokatry ny "départ vaovao" nitaky fiovam-penitra mahery vaika, "changement radical" hoy ny Papa. Mitondra amin'ny fifandraisana vaovao amin'ny zava-boaary "lohataonan'ny fahariana", hoy ny Papa, fifandraisana vaovao eo anivon'ny tontolom-piaintantsika andavanandro ka

hahatonga ny tena fivelaran'ny mahaolona sy mahaolona manontolo, fifandraisana vaovao eo anivon'ny tontolom-pinoana. Amin'izao Alahady faha-27 mandavan-taona izao dia, mampitodika antsika bebekokoa amin'io resaka fifandraisana io ireo vakiteny atolotry ny Eglisy amintsika, fifandraisana eo anivon'ny fiaintantsika, eo anivon'ny firenentsika, eo anivon'ny

Vakiteny I : Iz. 5, 1-7  
Tononkira : Salamo 79  
Vakiteny II : Fil. 4, 6-9  
Evanjely : Mt. 21, 33-43

fiaraha- monintsika, eo anivon'ity tanintsika ity. Tsy iza tokoa ny tanim-boalobok'Andriamanitra fa isika Olo Araiky ihany. Izany no lohahevitra tian'ny Eglisy ho banjinintsika ka hahatonga antsika ho Kristy mpiara-belona eo anivon'ny tanim-boaloboka izany. Indrisy anefa fa isika ihany no mamotika ny tanim-boaloboka, isika mihitsy aza no mifanapotika. Mila "changement radical", hoy isika teo raha tiantsika hamokatra araka ny vocation-ny, araka ny naharian'Andriamanitra azy tamin'ny voalohany ity tanintsika ity.

Ao amin'ny vakiteny voalohany, bokin'Izaia mpaminany dia milaza hoe : "*Inona moa no mbola tokony ho natao tamin'ny tanimboaloboko, ka tsy nataoko taminy?*". Noharian'Andriamanitra ho tsara isika. Nomeny FANOMEZANA MAIMAIM-POANA HAHASOA HAHATSARA ANTSIKA FANOMEZANA SAROBIDY. Indrisy anefa isika be sasia ka manalavitra an'Andriamanitra. Raha manalavitra an'Andriamanitra ny fainantsika dia fantaro fa voka-dratsy no azontsika ka mifanapotika isika. Manalavitra an'Andriamanitra isika raha tsy manao izay sitrak'Andriamanitra. Mila mibebaka sy manatona an'Andriamanitra àry isika, izay no dikany hoe EOV MISIONERA. Tadidio ny fampianarana roa alahady izay mitodika amintsika lahika fa indrindra ianareo tanora. Io no lazaintsika hoe "départ vaovao". Mila génération mpanorina isika fa tsy génération mpanimba, mpanapotika. Izao indrindra no tena ilaina **I** ny fivelomantsika izany raha te hanao départ vaovao isika. Mitaky fiovam-penitry mahery vaika eo amin'ny fainantsika andavanandro.

Raha nihaino ny Vakiteny voalohany sy ny Evanjely isika dia mahatsapa fa isika ihany no manapotika ny tanim-boaloboka, izany hoe ny TRANOBE IOMBONANA dia ity tany mamintsika ity satria mifanapotika sy mifamono isika. Ny fanoharana nataon'i Jesoa milaza izay nataon'ireo nasaina nikarakara ny tanim-boaloboka : "*Inty ny mpandova; andeha hovonointsika izy, dia ho lasantsika ny lovany*". Noho ny fitiavan-tena, ny fialonana, ny avonavona dia isika ihany no mifanapotika na eo anivon'ny fianakaviana, na eo anivon'ny fiaraha-monina, na eo anivon'ny fiaraha-monina. Mifanapotika isika nefà aoka hatoky fa raha mibebaka tokoa isika dia miova ny fontsika araka ny voalazan'I Papa hoe : "fiovam-penitry mahery vaika". Vokatr'io fiovam-penitry mahery vaika io dia miala amin'ny toetran'ny mpanjifa tsy amim-piheverana isika fa zary tompony sy tompon'andraikitra ka miaro sy mikolokolo. Raha voaaro tokoa tranobe iombonana dia miroso amin'ny maha-taranaka manorina sy mandavorary isika. Mibebaha àry isika mba hihavao ny fainantsika, hiroso amin'ny "DEPART VAOVAO" ka na dia eo aza ny fakam-panahy mahatonga antsika hanilikilika ny hafa dia ho foana raha mibebaka tokoa. AZA MILAZA AMIN'IZAY AKAIKINAO AMIN'IZAY NAMANAO HOE TSY MILA ANAO AHO, hoy ny Papa tamin'ny tanora teny Soamandrakizay.

Ambaran'Andriamanitra amintsika araka ny voalazan'i Md Paoly ao amin'ny vakiteny faharoa fa raha ambarantsika amin'ny fivavahana, am-pifonana sy fisaorana marina io fainantsika io dia izy no handavorary antsika.

Ry Kristianina havana, aoka hanao ny asan'Andriamanitra isika dia Andriamanitra hanao ny asantsika. Izany hoe hiaina ny fahamarinana, hijoro amin'ny marina isika satria mila an'izany tokoa ny firenentsika.

Ny tsy fijoroantsika amin'ny marina fa mifamitapitaka, mifandainga, miaina ao anatin'ny risoriso, io no mahatonga antsika mamerina ny fanoharana nataon'i Jesoa io, manapotika sy mamono izay tokony handova ny lanitra. "Sambatra ny malemy fanahy fa izy no handova ny tany" hoy ny slogan tamin'ny andron'ny JMJ ary mbola tsara iainantsika izany satria tena mifanaraka tamin'ny hafatr'I Papa. Raha tiantsika tokoa ny ho "mpamafy fanantenana sy fiadanana" dia tsy maintsy manana izany halemem-panahy izany isika. Izany hoe hifamela heloka isika ary hifamindra fo ka hamboly fiadanana sy fandriam-pahalemena. Aoka àry mba mba tsy ho slogan fotsiny ho antsika tanora izany fa tena iainana manambara ny fiovam-penitry mahery vaika. Ny fanahy no maha olona ka raha io fanahy io no avelantsika hitantana ny fainantsika dia hiova isika ary izany no tian'i Md Paoly

antintraterina amintsika. Ny fivavahana tokoa no fiombonana amin'Andriamanitra ary raha miombona Aminy isika dia manao ny asany.

Raha misy toetra tokony hiezahantsika hanana mba hahatonga antsika ho EOV MISIONERA ka hivelomantsika ny hafatr'I Papa ho antsika VITA BATEMY TSIRAIKIRAIKY :dia io voalazantsika io : *Ny mpanara-dia an'i Kristy, hoy ny Papa, dia voa antso ho iraka ka tsy hipetrapetraka, na hiraviravirary tanana fa hirotsaka hiasa, hanova ny fiainan'izao tontolo izao, indrindra ireo toe-java-misy mahonena iainan'ny zanak'olombelona izay tsy mifanaraka velively amin'ny fandaharan'Andriamanitra.*

Raha ivelomantsika tokoa ny batemintsika dia zary EOV MISIONERA TOKOA ISIKA KA ZARY taranaka mpanorina fa tsy mpandrava intsony.... Noho ny fivelomana an'io vokasiontsika io dia zary TABERNAKLA VELONA tokoa tahaka an'i Masina Maria izay miara-mivavaka amintsika isika amin'izao volan'ny oktobra volan'ny misiona izao. Aoka hanana halemem-panahy isika. Izany no angatahantsika miaraka amin'i Masina Maria amin'izao volan'ny raozery izao mba haka tahaka an'i Jesoa isika ka ho Kristy mpiara-belona amin'ireo manodidina antsika satria raha ny toetran'i Kristy no ao amintsika dia tanteraka ny voalazan'i Md Paoly hoe : " tsy izaho intsony no velona fa i Kristy no velona ato amiko"

Ry Jesoa Kristy Tompo ô, izahay tokoa no tanim-boaloboka voalazanao io ary dia izahay ihany koa no mifanapotika sy mifanaratsy ary manapotika ity Tranobe iombonana ity ka mifona aminao izahay, mitalaho ny famindram-ponao. Enga anie mba hiova tokoa izahay, voleo voa tsara ao am-ponay ao ka amin'izay hifanatsara izahay, hifanasoa sy hiara-miasa ka hamokatra voa tsara eo amin'ny sahanao. Tsy ho mpanapotika ity Tranobe iombonana ity izay fanomezana nomenao anay izahay fa ho mpiaro sy mpikolokolo ka hampamokatra azy araka ny sitrak'Andriamanitra araky vökasionay hatramin'ny nahariana anay. Ho vavolombelao tokoa anie izahay, hampijoro ny marina, hampanjaka ny rariny sy ny hitsiny, hiezaka hampivelatra ny tena fihavanana marina, hikatsaka mandrakariva ny soa iombonana ka hitondra anay tokoa amin'ny fivelaran'ny mahaolona manontolo sy ny olondrehetra. Ianao tokoa ilay zanaka novonoin'ireo mpamboly ratsy fanahy, koa enga anie hiombona Aminao tokoa izahay amin'ny vavaka rehetra ataonay ka hahatonga anay koa vonona hanolo-tena hanatsara ny fiainanay, hikatsaka ny soa iombonana eo amin'ny fiainanay andavanandro. Masina Maria Mpanjakavavin'ny Rozery matoky anao izahay. Tahio mba ho resy tokoa ireo ratsy mila handrendrika anay fa indrindra ity KORONTANAVIRUS ity. Ampio izahay hibebaka marina ka hihavao tokoa hanatanteraka ny sitrapon'Andriamanitra tahaka anao ka ho "ENY" mandrakariva ny fiainanay. Amen

Mompera Arserveka Mgr Benjamin Ramaroson